

Ho fametrahana amboletra an-dRajoelina **2**
Hiverina ho zanatany maoderina i Madagasikara



Alakamisy 7 desalbra 2023

Laharana 1504

Vidiny : 600 Ar

Tsy vitan'ny ben'ny tanàna Vazahabe **3**

Mantsina tsy laitra iainana
Antananarivo Renivohitra



Antenimiderando holona **2**
Ho lanihana sahady rahampitso ny volavonan'ny tetibolam-panjakana

Facebook **3**

Institut Supérieur manimba
mpianatra : mpianatra lalàna

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Ho an'ny vahoaka maro an'isa **3**

Tsy maintsy hihodina
ny kodiaran-tsarety



Nosy-Be

Hanohy ny tolona
nataon'i Ninie Donia ny zanany




Ambatomanoina Anjozorobe **6**

Dahalo sy zandary nifampitifitra,
dahalo roa lavo, basy vita gasy tratra

2

Halohalika ny ranom-bary any Ankazobe **6**

Lasibatry ny herisetra sy ny
fakana an-keriny ny zaza amam-behivavy



Lalao Rugby **6**

Ankatoky ny famaranana 6 no
hotontosaina amin'ny alahady

Daka kely

Tsy Cop ve nareo ry Boaikely fa misosososo toy
ny vinanto tsy mahare fosa any Dubai any a !

ANTENIMIDERANDOHOLONA

Ho lanihana sahady rahampitso ny volavonan'ny tetibolam-panjakana

Ho lanihana sahady rahampitso ny volavonan'ny lalan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy. Toy ny teny Tsimbazaza, heverina fa tsy hisy ady hevitra ary ho lanihana tsy hisy fanitsiana koa izany volavonan'ny tetibolam-panjakana izany etsy Anosikely. Ankoatra izany, nankatoavin'ireo Loholona'i Madagaskara tonga nanatrika ny fivoriana azon'ny besinimaro natrehina omaly tao amin'ny Lapan'Anosikely ny volavonan-pandaharam-potoana nanomboka omaly, ka hantrim'in'ny zoma 15 desambra 2023.

Lany fa amin'ny: zoma 08 desambra 2023 amin'ny 10 ora maraina no handininhina mandritra ny vaomiera itambarambe sy handaniana, ny Volavonan-dalana laharana faha 023/2023 mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024.

Ny talata 12 desambra 2023 amin'ny 10 ora maraina no handininhina mandritra ny vaomiera itambarambe sy handaniana, ny tolo-dalana laharana faha 01-2023/PPL/Sénat "modifiant l'annexe de la loi n° 2018-011 du 11 juillet 2018 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2014-020 du 27 septembre 2014, relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes" natolotry ny Loholona'i Madagaskara, Rasolondratsimba Raymond, Mpampakateny Nosy-Be

Hanohy ny tolona nataon'i Ninie Donia ny zanany



Ireo zanak'i Ninie Donia.

natombony. Tahaka ny rehiko, ny fahafatesana ihany no mahasakana

ahy. Ho ayy tsy ho ela aho ry vahoakan'i Nosy-Be. Mitohy ny tolona," hoy ny

fanambarany.

Stefo

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Ozona ny fiankinan-doha amin'ny vahiny amin'ny fitantanana firenena

Tena tokony hianterherana ve ny vahiny, indrindra ny lazaina ho fianakaviambe iraisam-pirenena amin'izao zava-mitranga eto amin'ny firenena izao? Tsy misy izay tsy mahalala ny nitranga teto sy mandraka ankehitriny izy ireo manoloana ny toedrahara politika misy eto. Fantany avokoa ny nitranga nialoha sy indrindra nandritra ny fidianana nisy teo iny. Tsy misy izay tsy mahalala ny nobokonina tao anatin'izany izay nikendrena tanjona manokana nitsinjo tombontsoan'olon-tokana na olom-bitsy. Nampiajinina anaty kianjan'ny tsy fahamarinana ny firenena, ary izay no asaina lalaovin'ny vahoaka malagasy. Ny fahamarinana anefa no ma-

nandratra ny firenena. Nisy fomba fiery iray novozina teto, dia ny amin'ny filazana, fa aoka ny samy Malagasy ihany no hamaha ny olan'ny Malagasy. Ny Malagasy no miaina eto sy tompon'ity tany ity, ka rariny izany. Ny saika nampiharina teto, dia natao ho tompony mangatak'atiny hantany ilay vahoaka. Natao ho tompon-trano mihono izy amin'ny raharahan-pirenena mitranga, ka endri-pahamarinana efa namboamboarina mifanaraka amin'ny tombontsoan'ny sasany ihany no ampahalalaina azy. Hany ka tsy fantany intsony ny tena tokony hitoerany sy handraisana andraikitra amin'ny fainam-pirenena. Mitazana sy mihaihina aza

no ataony rehefa nambara, fa manao toy izao sy toy izao ny firenena avy any ivelany na ny fianakaviambe iraisam-pirenena. Dia midehaka sy mibitaka ery ilay eo amin'ny fitondrana na fahefana ao anatin'izany. Tsy tokony ho adinoina anefa, fa tsy maintsy mijery ny tombontsoany mandrakariva ireo vahiny ireo, ary mifanarakana amin'izay ny fihetsika rehetra ataony. Famatorana ny firenena sy ny vahoaka ihany koa anefa no ao ambadik'izany. Tsy mandehandeha ho azy amin'izao izany hoe ny vola avy amin'ny vahiny avokoa no hampihodinana ny efa ho 60 na 70% ny fitantanam-panjakana, sy fampandehanan-drahara eto amin'ny

firenena. Tena fiankinan-doha tanteraka izany, ary tsy miankina fotsiny fa tena tataovan-doza mihitsy. Any anaty baiboly aza, dia milaza mihitsy, fa ozona ho an'ny firenena izany. Atao araka izany izay hahavoaozona ny firenena, nefo firenena manana ny hasiny sy ny maha izy azy ity fahiny. Manaitra ny sain'ny olompirenenao anatin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Ny Malagasy ihany no afaka hanarina sy hanavotra an'i Madagaskara. Tsiahivina ny AFK dia tsy fiangonana, ary tsy manao politika. Fifandraina: 034 17 460 53.

Aris

Ny Valosoa sy fakafaka

Ho fametrahana amboletra an-dRajoelina Hiverina ho zanatany amin'ny endriny maoderina i Madagasikara

Hiverina ho zanatany amin'ny endriny maoderina i Madagasikara, raha ho tafapetraka amboletra amin'ny fomba ofisialy ihany ny filoha napetraky ny CENI sy ny HCC tsy ara-drariny sy tsy ara-dalana Andry Rajoelina, amin'ny 16 desambra ho avy izao.

Ny antony dia satria olona tsy mizaka ny zom-pirenena Malagasy intsony no ho filoha. Araka ny lalana misy eto amintsika tokoa ary efa averimberina hantany, very ny zom-pirenena Malagasin-dRajoelina, satria ninia nangataka zom-pirenena Frantsay izy.

Ny fitsarana misy eto amintsika dia ninia nikimpy ka mbola namela ny Vazaha Andry Rajoelina nirotsaka hofidiana ihany tamin'ny fidianana amboletra vita iny. Ny ankamaroan'ny Malagasy mpifidy dia tsy manaiky an'izany, nasehony izany tamin'ny tsy fahatongavana nifidy tamin'ny andron'ny 16 novambra lasa teo iny. Vitsy ny taha-pandraisan'anjaran'ny mpifidy manerana ny Nosy, saingy nabontsin'ny CENI sy ny HCC izany tamin'ny alalan'ny rindrambaiko, izay fitaovana efa nentin'izy ireo hanovana ny tena vokatra marina tamin'ny fidianana filohampirenenana fihodinana voalohany iny. Amin'ny vondron'ny kandidà 11 toy ny tsy misy iny fidianana iny ary mitohy ny tolona hoy izy ireo hameranana ny fahamarinana sy ny tany tan-dalana eto amintsika. Ao anatin'ny tsy fanarahen-dalana tanteraka tokoa ny firenena amin'izao fotoana, raha tsy hilaza afa-tsy i Andry Rajoelina any Dubai, mbola tsy vita fianianana akory dia efa misolantsolana tonga any amin'ny fihaonambe iraisam-piren'en COP 28 any amin'ny Emirat Arabo Mitambatra izy, milaza fa mitarika ny delegasiona Malagasy hono. Amin'ny maha-Frantsay taratasy an-dRajoelina amin'izao fotoana, tsy hiaro ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy izany mihitsy ny tenany, fa ny tombontsoan'ny firenena nanome azy zom-pirenena no tsy maintsy lolohaviny an-tampon'ny loha. Tsy hanaiky izany Vazaha Frantsay hitondra azy izany ny Malagasy rehetra tia ny tanindrazany, sy manaja ny tolona nataon'ireo ray aman-dreny tamin'izany fotoana tao amin'ny Jina, ny Panama, ny VVS, Ny Menalamba, ny MDRM,....

Isambilo

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Andry F.

Ny Valosoa sy hadihady

Ho an'ny vahoaka maro an'isa Tsy maintsy hihodina ny kodiaran-tsarety

Maneho ny heriny sy fahefany ary ny volany ankehitriny ry Rajoe-lina Andry sy ireo miray petsapetsa aminy rehetra nampandany azy, tamin'ny fididianana amboletra teo, izay tsy madio ary tsy eken'ny rehetra. Nampiasain'izy ireo ary natao fitao-vana araka izay nitiavany azy ny zandary sy ny polisy ary ny miaramila, mba hamoritra ny vahoaka nitaky ny hame-renana an'ity firenena ity ho tany tan-dalana. Dia niharibary tsara ireny ny fihetsik'ireto tsy afaka hisaina afa-tsy ny baiko omena azy, ka nampiasa hery niharobabiana mihitsy tsy hiahotra na handratra na hamono na hisambo-tra sy hanagadra. Ankoatra ireo fanim-bana fitaoan'olona izay hetraketraka fotsiny izao, ary tsy toy ny Malagasy intsony tao anatin'izany ny tenan'izy ireo. Tsy teto an-drenivohitra na Antananarivo ihany no nisian'izany fihetra-ketrahana izany, fa hatrany amin'ny faritra samihafa nanerana ny Nosy. Ny tanjon'izy ireo amin'izany, dia ny hi-beda mandrakariva ny fahefana sy ny fitondrana amin'ny alalan'ny famore-tana ny vahoaka malagasy, indrindra ireo manohitra izao fakana fahefana ao anaty tsy fahamarinana izao, ka manao izay fomba rehetra hampan-gina azy. Anisan'izany ny fanaovana ramatahara ireo mpitarika sendikà eto amin'ny firenena, dia ireny nisy fam-piantsoana sy natao fandihadiana teny amin'ny tobin'ny zandary manadihady ny heloka bevava ireny, sy tao-n'izany nampiakarina fitsarana mi-

hitsy. Hatramin'ny mpitondra tenim-bahoaka aza, solombavany, noritina sy nosamborina toy ny jolahy sy nota-nana teny amin'ny tobin'ny zandary nandritry ny andro maro, kanefa ao anaty fotoam-pivoriany, sy ireo tranga maro samihafa izay niaraha-nahita sy niaina.

Mihevitra tanteraka Rajoelina sy ireo mpomba azy rehetra, fa azy ireo ny hery sy ny fahefana ary ny vola, ka tsy misy mahatohitra azy. Afaka manao izay maha diavolana ny sainy sy ny dani'nny kibony izy ireo ao anatin'izany, ary atao izay hampanarahana ambo-kony ny vahoaka ka tian-kano, tsy tian-kano, fa efa voageja tanteraka, sy efa voasaratsaraka amin'ny resaka politika. Heviny manokana izany, fa an'ny vahoaka ny teny farany, satria izy no tompon'ny fahefana. Mihevitra sy manao izay hitoerana eo amin'ny fiton-drana ireo olom-bitsy ireo, kanefa tsy ho mandrakizay izany. Toy ny kodi-aran-tsarety izy ity, izy ireo eny ambony, fa ny vahoaka tsy manara-dia sy indrin-dra ireo manohitra azy eny ambony. Tsy maintsy hihodina io kodiaraana io na tiana na tsy tiana, fa tsy kodiaraana mi-hitsoka akory io. Tsy azo amboambo-rina ho lasa efamira, ohatra io. Tsy maintsy hivadika ny rasa, satria tsy mbola izao no farany. Ary raha mbola misy koa ny farany tsy ho foana ny fan-antenan'ny maro. Misy fotoanany ny zava-drehetra.

Sôh'son

TSY VITAN'NY BEN'NY TANÀNA VAZAHABE

Mantsina tsy laitra iainana Antananarivo Renivohitra

Nandritra ny fitondràn'ny ben'ny tanàna Vazahabe be Naina Andriatsithaina, nandritra izay 4 taona izay dia miaina ao anaty fako misavovona Antananarivo Renivohitra . Hafa anefa ny teny natao nandritra ny propagandy tamin'ny fotoan'androny, fa sahy nilaza ampahibe-maso fa tompon'andraikitra ny ben'ny tanàna raha misy fako eto andrenivohitra . Nilaza mihintsy izy tamin'izany fa atero any amin'ny Japan'ny tanàna ny fako raha toa ka misy . Antananarivo madio sy milamina no ataontsika rehefa tonga eo amin'ny fitondràn' aho hoy izy. Inona no misy ankehitriny ? fako masiso tsy laitra iainana no misy mane-rana ny faritra maro . Izay andehanan'ny mpitondra teo aloha mba nesorina ihany ho takon-kenatra , fa ny any amin'ny tsy hita maso dia tena mampiteny ny moana . Nisy ny mpa-nao politika efa nitondra fako teny amin'ny Japan'ny tanàna, fa valy borain-gina sy teny mamazivazy no nambaran'i Vazahabe tao amin'ny tambazotran-



Miavosa sy mantsina ny fakon'Antananarivo.

tseraserany . Izao milaza hitondra fako eny amin'ny Japan'ny tanàna koa ny Apostoly Tsaratsara, ka asa izay ho fandehany ? Nandritra ny fitondràn'i Vazahabe dia toy ny tsy misy mpitondra Antananarivo Renivohitra, nefasamy volomboasary ny mpitondra foibe sy te-

nany . Toa manome lala-na ho an'i Andry Rajoelina amin'izay tiany atao sisina ny andraikitra ataony, fa tsy misy mihintsy ny fam-pandrosoana ny tanàna . Izao ka lasa Antananarivo "masiso" no teny filamatra ilazan'ny maro ny Renivo-hitr'i Madagasikara. Re-sin'ny ben'ny tanàna teo

aloha Lalao Ravaloma-nana mihintsy amin'ny lafiny fampandrosoana ny amin'izao, na vehivavy tsy mba nahazo famatsiana ara-bola tamin'ny fiton-dràn' foibe aza ny tenany tamin'izany.

Helisoa

facebook

Institut Supérieur manimba mpianatra : mpianatra lalàna

Andriamasy Leon : mpianatra lalàna ve izao ? Dia tena manimba mpianatra, mpianatra lalàna mihistsy ity Institut Su-périeur ity.

Paramedy Ralibera : simba ny fampia-narana eto!

William Ramboatia-na : mahamenatra, institut supérieur tsy mendrika ny hisoka-tra mihistsy, averina T3 ny mpampianatra namoaka io sujet io.

Marc Olivier Ratsisalovanina : tsy ny mpampianatra ihany fa na ny tompon'an-draikitra aza hita fa tsy manana ny fari-pahaizana akory.

Hubert Alison RAkotoarivony : fahafaham-baraka tanteraka. Izao ve zany ilay hoe "l'exemple vient d'en haut" ?

William Benala : ireo CFP, sns... maniry ohatrin'ny anana ireo anie ka fanamb-ka zanak'olona ny ankamaroany e !

Luc Razakamahefa : na ny fond na ny forme: tsisy ilana azy. Mila fanarenana tanteraka. Fa tsy hoe rehefa mioeroera dia mandroso izay.

Carlo Randrianantoandro : tena kivy aho, mahonena ianao ry Gasikara. Kely karama loatra e. Miala manao zavatra hafa ny mahay.

Dani Randriantsoa : mila jerena haingana, fa toy ny tongo-bakivaky sady ma-harary no mahamenatra.

Voangy Nirina Charline : tokony hitandrina isika mpampianatra.

Mirza Rakoto-Andriambalo : mila mamaky boky koa ny olona rehetra amin'ny fitenin-drazana na vahiny hampitomboana ny fahalalana, fahaizana indrindra ny fanoratana, ny fampianaranana homen'ny mpanabé dia fototra fampianaranana amir'ny ankapobeny ihany ! Mahereza daholo tompoko.

Irène Ravalison : Institut Supérieur! Tena henjana kosa izao an! Na any anela-kelatrano ary dia misy Université Privée! Nahazo alalana ve ny nanokafana azy ireny sa faoany faoany fotsiny?

Nary Solofo Rajohnson : tsy misy descente mihitsy angambany natao fa tonga dia OK ny dossier.

Aimé Dewa : Irène Ravalison : anelakelan-trano no izy tompoko.

Luc Razakamahefa : izaho mino fa mahay bé zareo fa corrections automatiques ireo.

Pasco Martin : mampalahelo eh !

NY VALOSOA
Gazety misio iatolo isan-kernandra
(Toato - Alahemy - Iebety)

Group 1
Institut Supérieur

Examen n°1

Réponds aux question suivants :

- 1- Quel est les principes de l'organisation judiciaire ?
- 2- Définition de l'expertise judiciaire ?
- 3- Quel est les caractères générales de l'expertise judiciaire ?

Bonne courage

TONONKALO

MADAGASIKARA AN'NY MALAGASY

Hiverina ho zanatany indray i Madagasikara, lo no sary mahonena izay manomboka ho tazana. Efa indreto mihirahira ny olona tsivalahara, Efa indreto mitehatehaka ny mpivaro-tanindrazana !

Miomankomana daholo iretsy mpiaraka miletra, Ny mpanohana andry boboka sy 'reo olona voavidiny, Ary hitohy ny asa maloto sy ny bizina voretra Ka vao mainka hitombo isa ireo mahantra faraidiny !

Tsy ny ho an'ireo vahoaka na ny hikendry izay hiadanany No imasoan'ireo mpitondra sy ireo manan-toerana avo, Fa dia tena ny hampitombo ireo harena sy fananany, Ka handeha indray ny herisetra miampy ny tsindrio fa lavo !

...Hiverina ho zanatany indray i Madagasikara Ka dia miantso anao izay mbola mihevi-tena ho malagasy. Mijoroa f'aza matory, 'ndao hanova ny tantara, Na hidoboka ny baomba , na hirefotra ny basy !

Na hitohy ny herisetra sy karazam-pandrahonana, Na hiseho ny fanambazana sy ny fividianana olona, 'Nda hanandratra ny marina, ao ve ny fahavononana ? Aoka tsy hikoso-maso , 'ndao hiaraka hitolona.

Firenena tan-dalàna , miaina anaty fahamarinana, Izay no 'ndeha hiombonantsika ka mifanolora tanana. Aoka tsy hitazam-potsiny , ampy izay ny fahanginana, Fa i Madagasikara firenena iaraha-manana.


Ka holavina tanteraka ny olon'ny mpanjanatany, Tsy hisetrasetra intsony na hibahaha eto an-dasy. Raha izay hoe filoha vazaha dia tena tsy azo ekena izany. Isika tsy baikoin'ireny , olona afaka ny gasy !

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, Helisoa

Ny fahapotehan'ny lalana any amin'ny RN6 mihazo an'Antsiranana.





NY TENY FIAINANA

"Koa aoka ho fantatrareo fa izao famonjen'Andriamanitra izao dia nampitondraina ho any amin'ny jentilisa, ary izy hihaino azy."

Asa 28:28

FIFA

Mitohy ny tetikasa Talent Development Program

Mitohy hatrany ny tetikasa « FIFA Talent Development Program » tontosaina eto Madagasikara, ka tonga eto an-toerana manao fit-sidihana fanintelony amin'ny fanaraha-maso ataony indray, ny Mpanolotsaina ara-teknika ao amin'ny FIFA, Andriamatoa Etienne Sockeng. Marihana fa tetikasa natokana hoan'ny tanora latsaky ny 13 taona (teraka ny 1 january 2010 na aorian'izay) ary haharitra efa-taona ity tetikasa eo amin'ny baolina kitra ity, ka hatao indrindra hikendrena sy hamantaranan an'ireo tanora manantaleta indrindra amin'ny



Ireto tanora Malagasy miatrika ny tetikasa.

baolina kitra eto Madagasikara, ka hitiliana sy hamolavolana azy ireo mba hananana ekipa nasionaly Malagasy avolenta

ao aoriana kely ao. Tafiditra ao anatin'ny vinan'ny FIFA amin'ny ankabopeny ny tetikasa, mba hampitoviana ny firenena rehetra

mpikambana ao aminy ary hampiakatra ny faria-piainan'ny baolina kitra eran-tany. Amin'izao fotoana izao dia miisa 186 ny federasionala efa tafiditra amin'ity fandaharanasa ity, izay samy mamolavola drafitra stratejika mahatratra mifanaraka amin'ny tontolo iainany manokany avy, ka anisan'izany i Madagasikara izay manana tanjona lehibe amin'ny hananganana akademian'ny baolina kitra malaza amin'ny taona 2026, miaraka amin'ny tanjona faratampony amin'ny fanaganana ekipam-pirenene'ny U15 zazalahy.

Rainilita

Grand Tournoi d'Antananarivo

Lalao telo no nanombohana azy tamin'ny sabotsy



Grand Tournoi d'Antananarivo teny Ambohidratrimo.

sehatry ny baolina kitra ao anatin'izao « inter saison » izao ity fifaninanana hifarana amin'ny alahady 10 desambra 2023 ho avy

izao. Ny kianja « Stade d'Ambohidratrimo », sy ny kianja « Elgeco Plus Stadium By Pass », no hanatanterahana ny hetsika,

ka ekipa miisa 16 (D-1 su OPL miaraka) no miatrika an'izany. Ankoatra ny amboara lehibe hatolotra ny mpandresy amin'ity fifaninanana ity dia hisy ihany koa ny lelavola 20 tapirisa Ar hatolotra amin'io hitana ny laharana voalohany io. Nozaraina ho vondrona 4 ireo ekipa mandray anjara ireo, ka aorianan'ny fifaninanambondrona dia hiditra amin'ny dingana famaranana (1/4-dalana, 1/2-famaranana ary lalao famaranana) ireo ekipa roa voalohany avy isam-bondrona.

Rainilita

Fiofanana Young Coach basikety Vakinankaratra

Nahatratra 20 isa ireo notolora mari-pankasitrahana



Fanolorana mari-pankasitrahana tany Vatofotsy.

Farianaina FFPRO-BCT Vakinankaratra 2. RAKOTONDRASANA Ten-drinirina Lahadraibe EBF Haute Matsiatra 3. RAMILJAONA Tina Franck AMB Ambatolampy Vakinankaratra 4. RANDRIAMANANTENA NJAKATIANA Daniel Erick PHENIX Vakinankaratra 5. ANDRIAMANAPAKA Jean Orlando BBCV Vaki-

nkaratra 6. RABOTO FARATIANA Joelle Hertense TALENTA Vakinankaratra 7. RARIVOARISON Setra Thomy SBC Vakinankaratra 8. RAKOTONDRASANA Fenoharison Heriniaina TA-LENTA Vakinankaratra 9. RAKOTONDRAZOA Tantely Nirina FFA Vakinankaratra 10. RANDRIA- NA-

SOLO Manohina Sarobidy FFPRO-BCTM Vakinankaratra 11. HAJA-NIRINA Lovasoa Victor SERASERA Vakinankaratra 12. RUFIN Loizy Boby GNBC Analamanga 13. RAHETLAH Joro Tantely Hasivola SERASERA Vakinankaratra 14. ANDRIANJAFY Ny Hasina Ambinintsoa AMB Ambatolampy Vakinankaratra 15. RABEHAJA Andry Ny Aina Alain Patrick BCF Haute Matsiatra 16. RANDRIANIRINA Andomalala TANDEM Amoron'imanana 17. RAZAFIMANJATO Andriamihanta Hery Lalaina SBC Vakinankaratra 18. FALIARIMANANA Toussaint PHOENIX Vakinankaratra 19. RAKOTOMAMONJY Lalaina Herinosy ZBC Vakinankaratra 20. RAVELOHARILALA Dera Harizo CBU Mena-

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Sofin-kisoa sy poivron ary tongolo be indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tomoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Mbola ny soa azo avy amin'ny ravimbomanga

Mbola ny soa azo avy amin'ny ravimbomanga no mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha sanatria misy poizina ao anaty dia mitsako ilay ravina ravimbomanga 3, fa raha efa naharitra sy betsaka ny poizina dia maka ranony 3 sotro fihinana, afangaro ao ny tamenaka atody gasy 1, kapohina tsara dia ampisotroina ilay voapoizina fa ho afaka ny poizina, tsy asiana menaka na sira (atao mandritra ny 7 andro raha tsy afaka tsara).




Raha ARETI-MIFINDRA sy ARETI-MANDRINGANA dia mahandro vomanga mena toy ny mahazatra, re-hefa masaka sy ritra dia bataina eo afovoan-trano io ary sokafana ny sarom-bilany dia manodidina eo toy ny mievoka ny mpianakavy, ho fiarovana ny areti-mifindra.

Raha efa misy marary voa dia atao maimay ny vodivily rehefa mahandro vomanga ka esorina daholo, ilay miraikitra amin'ny vodivilany iny (ilay hodiny kely) asiana ranokely rehefa mamoaka loko maity dia ampisotroina 1 sotro fihinanana ilay marary, ka ho sitranay tsy hamindra intsony ny aretina.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambodivoananto distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambodivoananto distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodivoananto ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 any amin'ny distrikan'i Vatomandry. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo. Hita any koa ny vokatra toy ny kafe, ny jirofo, ny lavanila.



HALOHALIKA NY RANOM-BARY ANY ANKAZOBE

Lasibatry ny herisetra sy ny fakana an-keriny ny zaza amam-behivavy

Manao ny ataony mihibitsy amin'izao fotoana ny dahalo ao amin'ny distrikan'Ankazobe faritra Analamanga, amin'ny fanafihana mitam-piadiana miraka amin'ny herisetra sy fakana an-keriny. Tany Mahavelona Ankazobe izay anisan'ny faritra mena amin'ny asan-dahalo. Ampolony ny olona efa nalaïn'ny dahalo an-keriny. Lasibatry ny herisetra ny zaza amam-behivavy ary vola be no takalon'ny takalon'aina. Tao anatin'ny 2 volana izay, tsi misy matery an-trano intsony ny olona ao amin'ireo fokontany maromaro mandrafitra an'i Mahavelona Ankazobe noho ny asan-dahalo mahery vaika. Mandositra any antsaha ireo mponina amin'ny alina



Bala amin'ny fitaovam-piadiana mahery vaika ampasain' ny dahalo any Ankazobe.

matory, raha toa ka reraky ny asa aman-draharaha eny ambanivohitra ny ton-tolo andro. Raha ny fanta-mitondra fitaovam-piadiana mahery vaika: basy ireo dahalo rehefa manafika ary manodidina ny 20 katramin'ny 30 lahy izy ireo no indray manao fanafihana. Tsy mitsitsy fa mitifitra mamono ho faty mihibitsy. Tsy mangalatra

omby toy ny fanaony hantramin'izay anefa ireo dahalo, fa olona no alain'izy ireo an-keriny ary saika tovovavy avokoa izy ireo, ka angatahan'ny dahalo VOLA BE ny fianakanavin'ireo nalaina an-keriny. Ankoatra ny fakana an-keriny, manolana ihany koa ireo dahalo ary tsy mifidy na vavy antitra na vehivavy mitondra vohoka

na ihany koa zatovo vavy. Ny tena mahagaga ireo mponina any an-toerana dia toa verivery saina izay olona avotsotri'zy ireo avy any rehefa nisy fifampiraharana ara-bola. Anisan'ny fokontany efa nahita faisana tamin'ity fampiro-rohoroana ataon'ny dahalo sy fakana an-keriny ity ny tao Andranokambana: Fihaonana, Ambohidranokely ary Ambohidrampabano. Mitaitaina mafy ankehitriny ny mponina ao amin'ny fokontany Antolojanahary sy Andranovelona ny amin'ny mety ho fahatongavan'ireo dahalo any amin'ny misy azy ireo. Manao antso avo amin'ny mpitandro filaminana hijery faran'izay haingana ny mahazo ny any Ankazobe izao.

Niaina

Ambatomanoina Anjozorobe

Dahalo sy zandary nifampitifitra, dahalo roa lavo, basy vita gasy tratra

Mafampana amin'ny re-saka tsy fandriampahale-mana noho ny asan-dahalo koa ny any amin'ny distrikan'Anjozorobe faritra Analamanga. Raikitra ny fifampitifiranana teo amin'ireo zandary notarihin'ny CB Ambatomanoina, izay nanao fisafona andro alina sy ireo olon-dratsy. Nambenan'ireo dahalo maromaro mirongo basy mahery vaika, basimborona sy vita gasy ny fandalovan'ny zandary tao amin'ny kizo Ankadinila-lao fokontany Tsarahone-

nana kaominina Ambatomanoina Anjozorobe ny alin'ny talata hifoha omaly alarobia, tamin'ny 2 ora maraina. Voatery namaly tifitra ny zandary sy ny fokonolona. Lavo ny dahalo anankiroa ary tavela ny basy sy bala nampiasainy. Nitsoaka kosa ny namany sasany. Mitohy hatrany anefa ny fikarohana azy ireny, ka izay manana vaovao dia afaka mampandre ny Zandari-maria, ho arovan'izy ireo ny mpanome vaovao.

Niaina



Dahalo lavo tany Ambatomanoina.

Lalao Rugby

Ankatoky ny famaranana miisa 6 no hotontosaina amin'ny alahady

Ankatoky ny famaranana miisa 6 be izao, no hifanesy hoton-saina amin'ny kianja Makis Andohatapenaka (kianja anatin sy kianaja «annexe»), amin'ny alahady 10 desambra 2023 ho avy izao dia ny «1/2 finale Coupe de Madagascar D1 Homme 2023» sy ny «1/2 finale Championnat de Madagascar D1 Dame 2023» ary ny «1/2 finale Championnat de Madagascar D2 Dame 2023», nefà dia tsy hiova ny vidim-pidirana fa ho 2000 Ar ho an'ny ankizy, 5000



Kianja « annexe Makis Andohatapenaka ».

Ar hoan'ny lehibe, ary ho 1000 Ar ho an'ny tribune. Fandaha-

ran-dalao Championnat de Madagascar Dame 2 (kianja an-

nexe) : 09h00-Asut Université d'Antananarivo # Fanja Anjanahary, 11h00-Scb 2 Besarety # Uasc Cheminot. Fandaharan-dalao 1/2-finale Dame Division 1 (kianja anatin) : 09h00-Scb 1 Besarety # Rcts Soavimasoandro, 11h00-Fffa Antohomadinika # Ftm Manja-karay, Fandaharan-dalao 1/2-finale Coupe de Madagascar (kianja anatin): 13h00-Tam Anosibe # Uscar Commune, 15h00-Ftm Manja-karay # Cosfa Miaramila.

Rainilita

Fiofanana « FIBA WABC LEVEL 1 Maurice 2023 »

Coach Lanto sy coach Brenda no solontena Malagasy



Ireto Coaches miofana atsy Maoris.

Ranarivelonanana Brenda Riantsoa avy amin'ny klioban'ny Fandrassa Matsiatra Ambony, sy Rajanarisoa Lanto Andrianina avy amin'ny klioban'ny NGB Itasy, no notendren'ny FMBB malagasy hiatrika ny fampiofana iraisam-pirenena, an'ireo mpanazatra basikety avy amin'ny faritra faha-7 aty Afrika, izay tarihan'ny « expert Fiba », U-

riachi Naoufal. Fanofanana mpanazatra hanofana mpanazatra namany hampiofana ny tanora amin'ny taranja basikety ity fanofanana hatao atsy amin'ny Nosy Maorisity, nanomboka tamin'ny alahady 03 desambra 2023 teo, ka hifarana amin'ny sabotsy 09 desambra 2023 ho avy izao.

Rainilita

Finoana katolika

Nahazo Eveka vaovao ny Diosezin'i Fort-Dauphin

Nahazo Eveka vaovao ny Diosezin'i Fort-Dauphin any amin'ny faritra Anôsy. Neken'ny Ray Masina, Papa Fransoà, ny fangatahan'i Mgr Vincent Rakotozafy hitsahatra amin'ny maha mpiandry ondry azy ao amin'ny Diosezin'i Taolagnaro.

Niaraka tamin'izany dia notendreny ho Eveka vaovao hitantana io Diosezy io i Mompera Luc Olivier Razafitsimalona, izay économe ao amin'ny Seminera Zokiny Md Joany Batista ao Vohitsoa, hatramin'izao. Toy izao ny momba an'i Mompera Luc Olivier RAZAFITSIMALONA:

Teraka ny 10 oktobra 1969 tao Ambovombe – Ambositra.

19 aprily 1998 : nohamasinina ho diakra tao Ihosy.

9 aogositra 1998 : nohamasinina ho pretra tao Betroka. 5 desambra 2023 : voatendry ho Evekan'ny Diosezin'i Taolagnaro.

Ny fianarana norantoviny :

Oktobra 1980-1984 : Seminera Zandriny Immaculée Conception Farafangana.

Oktobra 1984-1989 : Seminera Zandriny Antsirabe (nahazo ny Baccalauréat série A2).

1990-1993 : Fianarana Filozofia tao amin'ny Seminera Zokiny ao Fianarantsoa.

1995-1998 : Fianarana Teolojia (premier cycle) tao amin'ny Seminera Zokiny ao Fianarantsoa.

1998-2000 : Fianarana Teolojia (second cycle) tao amin'ny ICM (nahazo ny Licence canonique en Théologie).

2018 : nahazo ny Doctorat en Théologie tao amin'ny Université de Fribourg – Suisse.

Ireto toerana efa nanirahana azy :

Tao amin'ny Diosezin'Ihosy :

2000-2001 : vice-recteur- ny Seminera Zandriny – vi-kera tao amin'ny paroasy katedraly.

2001-2003 : recteur- ny Seminera Zandriny – mpian-draikitra diosezianin' ireo seminarista zokiny.

2004-2005 : Vikera jeneraly – Recteur- ny Seminera Zandriny - Co-directeur- ny radio « Avec ».

2008-2009 : Curé ny paroasy Katedraly- Vikera jeneraly - Co-directeur- ny radio « Avec ».

2010-2011 : administrateur diocésain.

2011-2014 : Vikera jeneraly- Curé ny paroasy katedraly- Co-directeur- ny radio « Avec ».

Tany Friboury :

Novambra 2015-desambra 2018 : Aomônien'ny hopital cantonal any Fribourg.

Tao Ihosy sy Fianarantsoa : 2019 hatramin'ny 2023 : Mpikambana tao amin'ny Filan-kevitra ekonomikan'ny Diosezin'Ihosy – Mpikambana tao amin'ny Collège des consulteurs Dosezin'Ihosy – Sekreteran'ny evekan'Ihosy. Mpanabe tao amin'ny Seminera Zokiny ao Vohitsoa sy tao amin'ny Institut Supérieur Salésien de Philosophie (St Thomas d'Aquin). Mpanabe sady écono me tao amin'ny Seminera Zokiny Interdiocésain Saint Jean Baptiste ao Vohitsoa.



Ny Eveka vaovaon'ny Diosezin'i Fort-Dauphin.

NY VALOSOA
Gazety misoko Intelo isan-korinandro
(Tolata - Aleksemey - Saboty)

Dokam-baratra

Tél. 034 79 076 00

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
02/12/2023 hatramin'ny
09/12/2023

- ANALAKELY (En face TAHALA RARIHASINA)
020 78 236 81 / 033 90
338 34 / 034 48 788 96

- MANJAKARAY (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22
456 78/032 12 456 78

- MAHASOAVA (Près BNI Antsakaviro) 020 79
329 85/034 14 525 52

- ANKADIFOTSY (Arrêt bus Ankadifotsy) 032 07
314 01/034 22 222
07/038 22 314 01

- TANA (Antsahavola)
020 78 207 17/033 05
207 17/034 05 207
17/032 05 207 17

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambanidra : 22 309 46
3° Antanandrano : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimanarina :
22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho
intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsialavona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1504-12-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,
na antsaina ampahebomaso
raha tsy ahamoana alalana vita
soratanana avy amin'ny
tompony

ANKADIMBAHOAKA, FASAN'NY KARANA, AOSIZATO

Amin'ny faran'ny january 2024 no ho vita ny fanarenana ny lalana



Ny fanamboarana ny lalana eny amin'ny Fasan'ny Karana.


Amin'ny faran'ny volana january 2024 vao ho vita ny fanarenana ny lalana Ankadimbaohoaka, Fasan'ny Karana, Anosizato, na ny lalampirenena: RN 58. Arak'izany, 6 herinandro eo no hanamboarana sy hanarenana izany lalana izany. Natomboka ofisialy ny talata teo ny fanarenana io lalam-pirenena RN 58 io. Ny orinasa Colas no mantsoraka ny asa atao amin'izany. Mampikaikaika ny mpampiopia lalana tokoa ny fisiana ampanah-dalana ratsy dia ratsy amin'io

lalana io, ka miteraka fitohanana lava-reny, izay maharitra ora maro mihitsy. Efa notabatabain'ny maro tamin'ny haino aman-jery sy ny tambazotran-tserasera vao izao taitra izao ny ao amin'ny ministeran'ny asa vaventy hanao ity lalana ity. Efa fotoam-pahavaratra no hanaoana izao lalana izao, ka sao dia ho vita indary dia ho samba. Dia ho hita eo.

Stefy

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 452



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo

MIV = Mivadika

MIK = Mikorontana

Valliny Teny Tondro (0451)

Mitsivalana

- Vavahydy
- Osa - Atao
- Rà - Do (miv)
- Laona - Ar
- Antony
- Variana
- Maty - ZN

Mitsangana

- Voalav(o)
- As - Mana (miv)
- Varotra
- Tiona (miv)
- Ha - Anay
- Ota (miv) - In
- Dada - (H)az(o)
- Io - RN

Kaominina La Grande Motte sy Alasora

Hiara-hiasa eo amin'ny sehatry ny fampianarana koa

Manatevina ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina any ivelany amin'izao fotoana ny kaominina Alasora, ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano. Nisy ny fi-haonana teo amin'ny Ben'ny tanànan'i La Grande Motte, Stéphan ROSSIGNOL, sy Alasora Jimmy RANDRIANTSOA, tao amin'ny Hôtel de Ville La Grande Motte. Nifantoka tamin'ny fampifandraisana ny Ecole Primaire Publique ao La Grande Motte sy Ambodivondava ny resaka nifanaovana. Teo ihany koa ny mety hisian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny lafiny lalao ara-pantanjanahantena : Football - Rugby - Basketball. Nisaotra ny Ben'ny Tanànan'i La Grande Motte ihany koa ny Ben'ny tanànan'Alasora tamin'ireo fanamiana azon'ny polisy kaominaly avy amin'ny polisy monisipalin'i La Grande Motte.

Aly



Ny ben'ny tanànan'Alasora sy La Grande Motte.

TENY MIFANAPAKA

N° 452

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

Mitsivalana

1. Mifanome baiko 2. Taova – Mpandimby (miv) 3. Nifandamina amin'ny zavatra atao 4. Somary maizimaizina 5. Nahatratra tsara 6. Lavitra hita maso – Kaontinanta 7. Manontany toerana – Bengy 8. Miakatra (miv) – Naoty (miv) 9. Ao amin'ny Baiboly – Efa tranainy 10. Mpanoritra (miv) – Lio – Menaka

Mitsangana

A. Manao vazivazy B. Mpanolotra – Mari-bola – Fitoerana arina (BR) D. Firavoravoana E. Hazo maro – Romana F. Nanololorana G. Dada, Ray – Ila, iry (miv H. Tsy azo atao – Kila tanteraka I. Tsirin-teny Iharana – Voaray – simba, masiso (miv) J. Voankazo – Tanàna any atsimo K. Teny mandrara – Mila mifandrina

Valliny Teny mifanaraka 0451

Mitsivalana

- 1. Lamasinina 2. Avela - (G)aran(a)
- 3. Hery - Anaka 4. Alimanaka 5. Rono - Aro 6. Ota (miv) - IV 7. No - Amalona 8. Tranonay 9. Amany 10. Maizina - Rà

Mitsangana

- A. Laharana B. Avelo - Ha D. Merina E. Alimo - (G)araz(y) F. Sa - Anamamy G. Nanatona (miv) H. Nana - Olona I. Iraka - Ony J. Nakarina K. Ana - Ovaina

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

Ny fako miavosan'i Vazahabe eto Antananarivo.



Ny Ben'ny tanànan'Alasora sy ny Ben'ny tanànan'i La Grande Motte.



Bala nampiasain'ny dahalo, tanàna anisan'ny lasibatry ny dahalo any amin'ny distrikan'Ankazobe.

